










Izahay eto aminy madagate.org dia efa 16 taona izao no manao ny Tantaram-pirenena fa tsy manao tantara mitohy na tantara valamaty akory. Ny tranga omaly dia efa tantara ho any rahampitso. Firenena tsy manana tantara dia tsy firenena indrindra raha tena manao fanahy iniana mihitsy ny mpitondra sendra mandalo mody manadino ny zava-nisy sy niseho.


www.madagate.com


[illegible]


67 ANNIVERSAIRE
1947 2014
www.sobika.mg

[illegible]



[illegible]







Avy amin'ny mpanao gazety ao amin'ny www.madagate.org



COLLECTIF ANKAZOBE LE 0 1/08/17

| N° | NOM | AGE | SEXE | ADRESSE |
|---|---|---|---|---|
| 01 | RANAIVOSON Ranjalahy Abela | 62 | M | Soavinandriana Itasy |
| 02 | RANDRIANALISON Fitiavana Idealy | 17 | F | Soavinandriana Itasy |
| 03 | RAHANITRINIAINA Sidoniah | 18 | F | Soavinandriana Itasy |
| 04 | RAZAFINDRAVAO Mbolatiana | 21 | F | Soavinandriana Itasy |
| 05 | SETARINJARA Finiavana Manohisoa | 07 | M | |
| 06 | RATSARAFIAVY Mandrindrafitia Tsiferana | 12 | M | |
| 07 | RABENARIVO Harilalaina Lanto | 13 | M | |
| 08 | RABEARINJARA Anjasoa Nomena | 27 | F | |
| 09 | RAHARINAIVO Fanomezantsoa Seta | 37 | M | |
| 10 | RAZAFINDRAVAO Iavotriniaina | 13 | F | |
| 11 | MAMINIRINA Koloina | 13 | F | |
| 12 | RAZAFINDRAVAO Eliane Tsinjo Fitia | 03 | F | |
| 13 | HARINJATO Finoana | 23 | F | |
| 14 | KASAINA Idealy | 01 | F | |
| 15 | SEDERA Nantenaina | 05 | M | |
| 16 | RALAIARIMANANA Mamy Tanteraka Valimbavaka | 11 | M | |
| 17 | RALAIARIMANANA Manjaka | 09 | F | |
| 18 | RABEHARINJARA Anjasoa | 20 | F | |
| 19 | RAMERIMIAJA Manampisoa Mbolatahiana | 9 | M | |
| 20 | RAZANADRAO Hainogomiaja Marinah | 13 | F | |
| 21 | RAKOTOMALALA Haingotiana Anita Claudia | 25 | F | |
| 22 | RAMAHERISOA Haingotiana Mickael | 34 | M | |
| 23 | RAHERINIAINA Notahinjanahary | 08 | M | |
| 24 | RAMAHERISON Anjara Fitia | 07 | M | |
| 25 | RAHERINIRINA Noromalala | 20 | F | |
| 26 | RASOARINAIVO Niriantsoa | 37 | F | |
| 27 | RAKOTONDRIAKA Avotra | 40 | M | |
| 28 | RAKOTONDRANARY Eric | 20 | M | |
| 29 | MINOARISOA Iatitsy | 27 | F | |
| 30 | FANOMEZANTSOA Tonio | 06 | M | |
| 31 | FANOMEZANTSOA Mijaniaina | 10 | M | |
| 32 | RANDRIANASOLO Hanitriniaina | 11 | F | |
| 33 | RANDRIANJAKATIANA Tsinjo | 12 | M | |
| 34 | RAKOTORIAKA Andriatahina Deraina | 20 | M | |
| 35 | ANDRIVONY Rovanandrandraina | 20 | F | |
| 36 | RANDRIANIRINA Santatriniaina | 11 | M | |
| 37 | RANDRIAMALANTOSON Manohisoa | 23 | M | |
| 38 | RATOVONOELY Tahinasoa André | 20 | M | |
| 39 | RAHOLIARIJAONA Hasina Sahondra | 24 | F | |
| 40 | ANDRIANIRINA Nandrianina Narovana | 06 ms | M | |
| 41 | RASETAHARILALAO Lovaniaina | 40 | F | |
| 42 | RAZAFINDRAVAO Mbolatiana Fihobiana | 20 | F | |
| 43 | RATSARAFIAVY | | M | |
| 44 | RASOLOMANDIMBY Rivoniaina | | | |
| 45 | RASOARIMALALA Honorine | 50 | F | |
| 46 | LALAO Arisoa Emilienne | 42 | F | |
| 47 | RANDRIANARISOAVINIAINA Tinanirina Sebastien | 21 | M | |
| 48 | RAZAFIMANANTSOA Rija Nomenjanahary | 21 | M | |
| 49 | RAZAFINDRAVAO Eulalie Tsiadino Fitiavana | 15 | F | |
| 50 | RALAIARIMANANA Elias | 45 | M | |
| 51 | RAVAONARINDRA Julie Francine | 20 | F | |
| 52 | RANAIVOSON Mlaly Henitsoa | 20 | F | |
| 53 | RABEARIVONY Todisoa | 15 | M | |
| 54 | RASOANOMENJANAHARY Nirina Haingotiana | 12 | F | |
| 55 | RAVAOARIMALALA Fanjanirina | 37 | F | |
| 56 | RAHARIVOLA Saholiarilala | 36 | F | |
| 57 | RANDRIAMBOLOLON A Valimbavaka | 08 | M | |
| 58 | ANDRIAMBOLOLONA HArivola Jaona | 14 | M | |
| 59 | ANDRIAMBOLOLONA Sarah Nafarana | 01 | F | |
| 60 | RANDRIAMALALA Harisoa Mandimby Miora | | F | |
| 61 | JOELINA | 11 | F | |
| 62 | RANDIANANANTENAINA Tsiahiana Kevin | 07 | M | |
| 63 | RAHARIJAONA Fanomezana Sarobidy | 19 | M | |
| 64 | RANDIAMAHEFA Harimiarantsoa | 17 | | |
| 65 | RAMAHERINTSON Tahiana Stephane | 11 | M | |
| 66 | RAHOLIMANJAKA Mirado | 12 | M | |
| 67 | RANDRIAMALALA Ny | 13 | M | |
| 68 | RAMAHERISON Fahasoavana | 15 | M | |
| 69 | NAMBININIAINA Fiarentatsoa | 12 | M | |
| 70 | RAHOLIMANANTSOA Sitrakiniana | 16 | M | |
| 71 | RAKOTOARIMALALA Lovanomenjanahary | 18 | M | |
| 72 | FANOMEZANTSOA Finoana | 13 | M | |
| 73 | RAKOTOVAO Fanomezantsoa | 18 | M | |
| 74 | RAMANANDAFY Zoelison | 52 | M | |
| 75 | RAHARINJARA Fahasambarana | 13 | M | |
| 76 | RABEHARINJARA Felana | 37 | F | |
| 77 | RAHARINJARA Amboarantsoa | 07 | M | |
| 78 | RAMANANARIVO Tahinasoa | 09 | M | |
| 79 | ANDRIAMALALA Mihrintsoa | 35 | M | |
| 80 | RAZAFINDRAKOTO Ricardo | 07 | M | |
| 81 | RAZAFIMANANTSOA Alphonse | 45 | M | |
| 82 | VELONTSOA Johary | 16 | M | |
| 83 | VELONTSOA Alijoh | 13 | M | |


Inona no Vaovao
« Izay mahaza-baovao, tia fandrosoana »
Alarobia 02 aogositra 2017 | N° 2438 | 200 Ariary
Hadihady
Aza manararao - paty e !
Herin' ny fanovana
Hametraka paikady hanan - ganana komity matanjaka
Lasa lavenona ilay fiara Boeing
Manodidina ny 19 no maty
naratra sy kilan' ny afo
Lozam - pifamoivoizana tao Ankazobe
Niala andraikitra ny mpitondra Fanjakana
Fitsoboana ireo niharam - doza tao Ankazobe
Miantso fifanomezan - tanana ny Foibe Fjkm
Fikarakarana eo amin' ny Esplanade
Misy paipaika tsy mazava ny an' ireo teknisiana ?


Politique
Mercredi 2 Août 2017
ACCIDENT A ANKAZOBE
# Gesticulations du régime HVM autour d'une tragédie


Mapar
## Niray alahelo tamin' ireo niharam - boina

Hadihady

INONA NO VAOVAO
ALAROBIA 02 AOGOSITRA 2017

## Aza manararao - paty e !

Amin' ny fotoana maha ory sy manahirana no tena hita sy miseho ny tena havana sy namana. Tarazo soa nifandovantsika Malagasy rehetra tamin' ireo razana tany aloha, iatrehana ny famadihana amin' izao ririnina izao izany. Famadihana izay tsy itondrana hadihady eto na ho an' izay tsy mankasitraka azy intsony na izay mbola mankasitraka na ireo mpibizina amin' izany. Fitadiavam - bola mateza rahateo mantsy ny fomban - drazana, izay tsy hita loatra ny maharatsy azy.

Amin' ireny fotoana maha ory sy manahirana ireny indrindra anefa no hita koa ny mpanavangavana sy ny namanamana fa tsy tena namana. Manahirana marina ny miaina amin' ireny. Indrindra moa raha tojo fahoriana mamoy olona akaiky amin' ny tena. Ara - bakiteny foana ilay hoe maty vao iaraha - mahalala sy Ramalala. Velona natao vato natsindry ahazana ka rehefa maty vao idodododoana androtsahan - dranomaso ? Aza mba manararao - paty moa e !

Amin' ny fotoana maha ory sy manahirana tokoa no ahitana raharaha tsy manjary. Dia tena nidodododo tokoa moa izany ireo tomponandraiki - panjakana, nitsapa alahelo sy nilaza fa hiantoka manontolo ny fikarakarana ireo niharan - doza tany Ankazobe. Tsy hoe manao voakiana, tsy manao voakiana ny resaka eto fa dia toa miendrika fanararaotana ihany ilay izy. Fa nisy fanenitra nanaikitra nanao ahoana tany ambadika tany no toa nifoha tamin' ny torimaso ? Sa miseho aloha mba ho hitan' ny olona ? Aza mba manararao - paty moa rey olona ka ny fahorian' ny sasany no ijoroana sy ieboeboana e !

Amin' ny fotoana maha ory sy manahirana tokoa no ahitana izao anganoangano rehetra izao. Misy ny maha ory noho ny sotasotan' ny tsy tia. Misy koa ny maha ory noho ny loza tsy mampilaza mialoha. Ireny rehetra ireny anefa no dia nanantenana fatratra ny fepetra sy fampanantenana nataon' ireo nijoro sy ny nilaza tena ho Raiamandrenin' izao Firenena izao. Efa halefa any ambany rangolahy ve ny olona vao ijoroana sy anaovana an - dranomaso ? Velona tsy ahoana fa maty vao... Aza manararao - paty moa e !

Ireny rehetra ireny, tsy hoe volo hala. Averimberinay eto amin' ny hadihady ihany izany satria tsy misy mieritreritra izay haka ny any am - bilaninareo ao anaty Fitondrana eto. Ianareo no efa mahina amin' ny efa fanao fahizany ka rambosana ho fahavalo atahorana handrombaka seza daholo i Babay sy i Lohavohitra. Rehefa misy tranga toy izao vao ifanotofana anaovana tsy omby aloha avokoa io resaka vonjy rano vaky, fandraisana an - tanana ny fitsaboana sy ny etsetrany. Ary delegasiona mafonja no manao ny famangiana. Ndrao mba tokony ho natao toy izao ireo nodoran - tanàna tany Antsakabary ? Aoka izay ndrao ho voasokajy ho manararao - paty eto koa ny hadihady ! Mandavà ny aina hifanitsy eto !

**Andrianina**

**Jeannot Ramambazafy – 02/03 Aogositra 2017**